# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Oktobra 2018

# 5 Zoma oktobra

**Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo.**
Lioka 24. 34

**Ny fahamarinana ... ao amin'i Jesosy.** Efesiana 4. 21

**Fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao.** Jaona 4. 42

## Velona Jesosy (2)

„Nihaona izahay mirahalahy tamin'ny Krismasy. Nomeny Filazantsara araka an'i Jaona aho. Namaky izany tao an-dakozia aho, rehefa samy lasa natory iny ny olona rehetra. Efa nampiasa Baiboly aho, matetika, tamin'izaho nianatra teny anglisy. Saingy tamiko, ny Baiboly dia boky tahaka ny hafa rehetra ihany. Fa indray hariva izay kosa, dia indro fa nisongadina avokoa ny teny tsirairay voasoratra ao, nanjary nisy aina ary nameno ny foko ! Tsy vakiteny ara-tsaina intsony no nataoko, fa vakiteny velona : misy fifandraisana amin'Andriamanitra, nanjary hitako hoe azo atao tsara.

Alahady ny ampitson'io. Nandeha nankany amina fiangonana evanjelika kely izay izahay, ary ny reko tao dia olona faran'izysotra, naneho ny fankasitrahany Andriamanitra velona ! Mifanohitra tanteraka amin'ilay fikatsahana zavatra tsy mahakasika ny tena mihitsy, ary tsy nety ho tratra ! Nigogogogo nitomany aho. Tonga nitoetra tao anatiko Jesosy ! Nony tafaverina tany an-trano aho, dia nilaza tamin'ny olona rehetra hoe : „Velona Izy, tena velona tokoa Jesosy !" Ho ahy, Jesosy avy any Nazareta dia tsy olona ara-tantara fotsiny intsony, fa niseho velona tamiko androany.

Nanomboka tamin'io andro io, nino aho fa maty teo amin'ny hazofijaliana Jesosy, noho ny fahotako, ary dia nandray ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra aho. Efa ho 40 taona izao no nahafantarako an'i Jesosy. Nandalo fitsapana maro aho, kanefa izany tsy nahafoana ny fifaliana sy antoka rehefa miaraka aminy, fifaliana sy antoka nomeny ahy, ary atolony anao koa androany."

*Christian C.*